**FIFANINANA HIRA FANEVA**
**FAHA 50 TAONA NY FOFIFA**
**(Foibem-pirenena momba ny Fikarohana ampiharina amin'ny Fampandrosoana ny eny Ambanivohitra)**

Hankalaza ny faha-50 taona nijoroany ny FOFIFA mandritra ny taona 2024 ho avy izao. Koa fifaliana ho anay ny manasa izay rehetra manan-talenta mba handray anjara amin'ny **fifaninanana hira faneva (hymne)** hanamarihana izany Jobily izany.

Miompana amin'ny loha-hevitra : **FIKAROHANA SY FAMPANDROSOANA NY ENY AMBANIVOHITRA**

## FEPETRA MAHAKASIKA NY FIFANINANANA

- Misokatra ho an'ny rehetra ny fifaninanana;
- Atao amin'ny teny Malagasy ofisialy na amin'ny teny frantsay;
- Maimaim-poana ny fifaninana;
- Azon'ny Komity atao ny mitondra fanatsarana amin'izay sangan'asa voafantina;
- Hahazo fankasitrahana izay mendrika ;
- Mijanona ho fananan'ny FOFIFA ny sangan'asa rehetra;
- Aseho sy ampiasaina mandritry ny fankalazana ny sangan'asa voafidy ;
- Hira maredondredona sy manentana, vita solfa sy misy feo efatra;
- Tononkira ahitana taratra ny fankalazana ny faha 50 taona, milaza ny asa ataon'ny FOFIFA, manome lanja ny andraikitry ny FOFIFA eto anivon'ny firenena sy ny tanindrazana ;
- Mora hay, mora tadidiana ;
- Ny faharetan'ny hira dia 3mn raha fohy indrindra ary 5mn raha lava indrindra ;
- Misy andininy roa (2) na telo (3) miampy fiverenana isan'andininy.

## FOMBA FANDRASAINA ANJARA : FORMAT NUMERIQUE NA ANATY VALOPY

1) Ny hira nohiraina sy feony fotsiny (Play back) misy feo efatra dia apetraka anaty rohy www.fofifa.mg 50è anniversaire amin'ny format MP3, ary atao format pdf ny solfa misy tononkira raha **version numérique** ;

Mameno : anarana sy fanampin'anarana, laharana telefonina sy mail ary mandefa ireo fichiers ;

2) Atao amin'ny taratasy A4 iray tsy asiana anarana ny solfa misy tonony, sy taratasy iray voahidy ao anaty valopy mihidy misy ny momba ny mpandray anjara, misy ny anarana sy fanampin'anarana ,laharana telefonina sy mail ary adiresy an'ilay mpifaninana raha **version imprimée**

**Adiresy** hanaterana ny sangan'asa **raha aterina an-tanana**:

**FOFIFA DIRECTION GENERALE AMPANDRIANOMBY, ROUTE D'ANDRAISORO, ANTANANARIVO,**
**Asiana soratra hoe « FIFANINANANA HIRA FANEVA»**

3) Fe- potoana farany anaterana ny tolotra: **sabotsy faha 21 oktobra 2023**

Mankahery sy mampirisika antsika rehetra.

Raha misy fangataham-panazavana fanampiny, dia aza misalasala manatona ny Biraon'ny Komity ny fankalazana ny faha-50 taona

**FIFANDRAISANA**

Atoa Celestin RANDRIANARIVONIZANDRINY : 0 34 14 950 32
Rtoa Lily RAPAOLY : 0 34 14 950 30
Rtoa Holy RAKOTOBE: 0 34 14 950 33